ANDOHANILAKAKA 4

# MPANAO "CASH POINT" MATY VOATIFITRA TEO AKAIKIN'NY TRANONY

MARINA IZANY ! 7

**LAVITRA EZAKA !**

MPIANATR'ANDRAINJATO

**MANOME 72 ORA HAMALIANA NY FITAKIAN'IZY IREO** 2

Gazetiko
www.gazetiko.mg

TOEKARENA MANGA 2

**NIFAMPIZARA TRAIKEFA NY FIRENENA SY NOSY 55**

Laharana 7656 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 30 aogositra 2023

UNESCO 4



**HANAMPY AN'I MADAGASIKARA HANORATRA NY HAREM-BAKOKA KOLTORALY SY VOAJANAHARY ETO**

LALAON'NY NOSY 2023 3

# HIDONA AMIN'I KAOMORO NY BAREAN'I MADAGASIKARA

FIHAONAMBE NASIONALY FFKM 7




# NANEHO FAHAVONONANA HISOROKA NY DISADISAM-PIFIDIANANA NY MPANAO POLITIKA

KITRA - FEDERASIONA 3

**TSY MAINTSY HATOLOTRY NY LIGIM-PARITRA ROA NY KANDIDA HO FILOHA**

TAEKWONDO JIOI 2023 3

**NAHAZO MEDALY VOLAMENA I NICOLAS RAGONZ**





Mpianatr'Andrainjato

# Manome 72 ora hamaliana ny fitakian' izy ireo

Nanao fanambarana ny alatsinainy teo ireo filohan'ny mpianatra avy amin'ny sampam-pianarana maro eny anivon'ny oniversiten'i Fianarantsoa noho ny tsy mbola nandraisan'ny mpianatra vatsim-pianarana. *'' Manome 72 ora ny tomponandraikitra eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny fitondrampanjakana izahay mba hamaliana ny fitakianay, dia ireto avy: miangavy ny fanjakana mba hamaha ny olan'ny fampianarana, indrindra ny mikasika ny mpampianatra, fa lasa sorona ny zana-bahoaka. Raha ny momba an'ilay naoty navoakan'ny oniversite izay tsy hianaranay 15 andro dia mangataka izahay mba avereno haingana ny fampianarana, kanefa dia miato tanteraka izany amin'izao. Ny any Toliara anefa manao fanadinana amin'izao. Manoloana ny zava-nitranga teny Ankatso dia manameloka ny mpitandro filaminana izahay fikambanan'ny mpianatr' Andrainjato noho ny fidarohana ny mpianatra nitaky ny zony''*, hoy ny solontenan'ny filohan'ny mpianatra. Mitaky ny hamoahana haingana ny vatsim-pianarana ireo mpianatra, satria dia tsy mbola voarain'izy ireo ny nanaovana ''reclamation'' tamin'izany hatramin'izao ary tsy mbola misy ny tetiandro hivoahan'izany, sady manao antso avo ny amin'ny tokony hiverenan'ny fampianarana izy ireo. Ankoatra an'izay dia angatahin'ireto mpianatra ireto ihany koa ny hampiakarana 100 isanjato ny vatsim-pianarana. Tsy hadino ny fampanantenan'ny Filoha Andry Rajoelina dia ny hanome prime ny mpianatra efa tamin'ny taon-dasa saingy tsy mbola nomeny izany hatramin'izao.

**Heriniaina A.**

Toekarena manga

# Nifampizara traikefa ireo firenena sy Nosy 55

Nandray fanindroany ny fikaonan-dohan'ireo Nosy sy firenena manana nosy aty Afrika sy Ranomasimbe Indiana, na ny AIS, i Madagasikara. *'' 55 ireo firenena sy nosy mandray anjara amin'ny fifampizarana traikefa sy ny fifanakalozana siantifika momba ny toekarena manga manoloana ny fitombon'ny mponina sy ny fiovan'ny toetr'andro. Mifanome tanana avokoa ny rehetra amin'ny fikarohambaha olana, na eo amin'ny lafiny ara-tsakafo na eo amin'ny lafiny tontolo iainana, toy ny fandotoana sy ny jono tsy manara-dalàna''*, hoy ny minisitry ny jono sy ny toekarena manga, Paubert Mahatante. Notanterahina omaly, teny Ivandry, teo ambany fitarihan'ny minisiteran'ny raharaham-bahiny, ny AIS andiany fahavalo. Efa nisy sahady ny fitsidihana ny nosy Anakao niaraka tamin'ireo teknisiana indonezianina mikasika ny fampitana ny haitao amin'ny fanjonoana amin'ny rano lalina. Hisy teknisianin'ny minisiteran'ny jono dimy handeha hiofana any Indonezia momba ny toekarena manga amin'ny ankapobeny. Nisy koa ny fizarana ny tekinika amin'ny fampiasana ny môtera mandeha amin'ny angovo azo havaozina ho an'ireo sambo madinika.

**R. Muray**

Pesta

# Tsy mbola nahitana tranga tao Ankazobe hatreto

Nanomboka tamin'ny volana jolay teo hatramin'ny aprily 2024 ny vanim-potoan'ny pesta eto amintsika. Araka ny fanazavan'ny Médecin Inspecteur ao Ankazobe, ny Dr Andriamanjato Jean David dia tsy mbola nahitana trangana pesta tany Ankazobe hatreto. Tamin'ny herintaona toy izao anefa efa nahitana marary 6 tao Ankazobe, toerana izay voasokajy ho fitoeran'ny pesta, na "foyer pesteuse". Na tranga mampiahiahy aza tsy nahenoina mihitsy taty an-toerana, hoy hatrany ny fanazavany. Nisy ny ezaka natao tamin'ny fanentanana ny mponina. Saingy anisan' ny mampirongatra ity valanaretina mbola mamono olona maro eto amintsika ity ny doro tanety, satria mitsoaka any an-tanàna ireo voalavo misy parasy mitondra aretina, ary eo ihany koa ny orana. Ny famadihana ihany koa dia tena mampirongatra be ny pesta aretin-tratra izay iaraha-mahalala fa mamono olona haingana. Tsy midika akory fa tsy mitohy ny fanarahamaso rehefa tsy misy ny tranga hita. Ny mifanohitra amin'izany aza no atao ka anisan'ny ezaka atao ny fisamborana voalavo sy ny fizarana ranom-panafody izay iarahana amin'ny Institut Pasteur de Madagascar.

**Nath**

Rindrankajy " myAsa "

# Hanokatra varavarana ho an'ireo tanora malagasy

Vita sonia omaly teny Andranomena ny fifanaraham-piaraha-miasa teo amin'ny CODEO sy ny MPL (Mouvement Panafricain des Leaders de Madagascar). Hiara-miasa amin'ny fanampiana ireo tanora malagasy manerana ny Nosy mitady tolotr'asa sy tolotra fampianarana misy aty Afrika ny roa tonta amin'ny alalan'ny fampiasana ny rindrankajy « myAsa ». Hita oa anatin' ity fitaovana ara-kajimirindra ity avokoa ireo filan'ny tanora malagasy eo amin'ireo sehatra roa ireo. Misy ohatra ny fanoroana ny fomba fandrafetana taratasy fitadiavana asa, ny fahafahana manao andrana amin'ny adina ambava fandraisana mpiasa eny anivon'ny orinasa. Mila mampiasa aterneto sy manana tranonkalam-pifandraisana na kaonty fesiboky ireo te hampiasa ity fitaovana ity. Efa mandeha ny andrana amin'ny fikirakirana ity teknôlôjia ity, ka vinavinaina ho azo ampiasaina manomboka amin'ny faran'ity taona ity na amin'ny fiandohan'ny taona vaovao.

**R. Muray**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy hoe mifady hanina andro sy alina mba hisaintsaina lalina fotsiny, kanefa tsy mitondra voka-tsoa, fa tsara kokoa ny miasa sy mianatra vokatry ny fo. "

Ny Vetso (17 .06. 15)

("Mieux vaut étudier que jeûner tout un jour et veiller toute une nuit pour méditer en vain." Confucius)

Jirama

# Tokantrano iray, kaontera iray !

*«Hiteraka olana ara-tekinika ny fangalarana jiro ao amin'ny tokantrano iray. Sady mahasoa ny mpanjifa rehetra no marina eo amin'ny famatsian-jiro ny tokantrano iray kaontera iray".* Izany no fanazavana avy amin'ny Jirama ho an'ny mpanjifa rehetra manoloana ny fisian'ny halatra jiro etsy sy eroa. *"Tsy mahasoa io halatra jiro io"*, araka ny fanampimpanazavana, satria hiteraka fahatapahan-jiro amin'ny fotoana maha-be ny fampiasan-jiro (pointe) andaniny ary ankilany sady hampitombo ny jiro lany ao amin'ilay nakana azy no hanakorontana sy hanimba ny zotra famatsian-jiro. Mba hitsinjovana ny rehetra sy hisorohana io halatra jiro io no nahatonga ny Jirama hanao ny tolotra fampidiran-jiro "Mora". Telo alina ariary (30.000 ar.) monja mantsy ny sara amin'io fampidiran-jiro "Mora" io ka tafiditra anatin'izany ireo kojakoja ilaina rehetra. Hisitraka ny "tarif social" ireo tokantrano hiditra amin'io tolotra io, satria tsy handoa afa-tsy dimanjato sy sivy arivo ariary (9 500 ar.) isam-bolana amin'ny fandaniana 50 kwh. Mitaona ny mpanjifa te hisitraka ny famatsianjiro "Mora" hanatona ny masoivoho akaiky azy ny Jirama. Tokantrano iray, kaontera iray noho ny soa iombonana.

**H.R.**

MESUPRES

# Miangavy ny Seces sy ny mpandraharaha mba hamita ny taom-pianarana

Aoka izay ny fampidirana resaka politika eny anivon'ny anjerimanontolo izay mamotika ny rafi-pampianarana tamin'ny fanambarany. Miangavy ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ary ny mpandraharaha rehetra ny MESUPRES mba hitodika amin'ireo tanora volavolaina ho mpitondra sy ho mpitantana ny ampitso ka hamita ny taom-pianarana 2022-2023. Tsy safidy amin'ny asa fotsiny ihany ny fampianarana sy ny fikarohana fa safidim-piainana mihitsy. Miantso ny mpianatra hibanjina ny ho aviny ny MESUPRES ka hitsinjo ny ray aman-dreny izay mihafy sy sahirana ary mikiry manohana ny fianaranjanany. Miantso ny rehetra hiaro ny fampianarana ambony manoloana ny fahasarotana efa nivangongo an-taonanay maro.

**Herinaina A.**


A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

Siteny Randrianasoloniaiko

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

Akon'ny Lalaon'ny Nosy 2023

# Hidona amin'i Kaomoro ny Barean'i Madagasikara

Hotanterahina rahampitso etsy amin'ny kianja Barean'i Madagasikara Mahamasina, ny lalao manasa-dalana ho an'ny taranja baolina kitra. Taorian'ny antsapaka natao omaly dia fantatra fa ry zareo Kaomoro no hifanandrina amin'ny Barean'i Madagasikara, lalao hanomboka amin'ny 4 ora tolakandro. Aorian'io kosa(7ora hariva), hifandona i La Reunion sy Maorisy. Miandry tanteraka ny ekipam-pirenena malagasy ny rehetra amin'ity, satria dia tsy azo hamaivanina ireto mpifanandrina ireto. Efa tafaverina anatin' ny Barea rahateo ireo mpilalaon'ny Elgeco 3 mirahalahy, ka antenaina fa hanova zavatra tanteraka izany. Mahakasika izay hatrany, nahazo fankasitrahana tamin'ny mpitantana ny "Confederation Africaine de Football (CAF)" ireo mpitsara lalao renionezy, dia i Bruno



Fontaine - Salim Maillot - Jean Michel, nampisahanina ny fihaonana teo amin'i Madagasikara sy Maurice, izay nisaraka 1 no ho 1. Marihina fa tany am-boalohan'ny fifaninanana dia efa niteraka fiahiahiana ho an'ny CAF ny nampisahanana ny lalao tamin-drizareo ireo.

**Taekwondo**

Tsy matoatoa akory ny mpikatroka renioney tsy niakatra teny ambony tatami fa nisy fifandisoana ny fandefasan' ny tomponandraikitra tany amin'ity firenena ity ny anaran'ireo "taekwondo"-ny, izay efa nitondrana fanazavana sy fanitsiana

**Tenisy**

Tsy faly tamin'ny fampandoavana tapakila fidirana an'i Dally Randriatefy ny mpankafy ny tenisy. Mampahatsiahy ny nahavoa an'i Me Kira tamin'ny taranja baolina kitra izany, izay nampandoavina vidim-pidirana tany Andaboly / Toliary kanefa kianja mitondra ny anarany no ilalaovana.

**Betsaka no tsy nahazo " Badge "**

Saika nandrenesana fitarainana ny ankamaroan'ny mpitantana ny federasionina fa tsy nahazo "Badge" ny tomponandraikitra tokony hisahana andraikitra ao anatin' izao Lalaon'ny Nosy izao. Nampanantenaina ary nampanaovina lisitra vaovao faharoa izy ireny, hahazoana " badge" hiasana. Efa andro maromaro nanaovana ny lalao dia mbola tsy tonga eny am-pelatanany izany. Misy ny nilaza fa rehefa nanontaniana ny tomponandraikitry ny COJI dia nilaza fa tsy hita ny dosien'ilay federasionina nanangona ny sary sy ny antontan-taratasy hanamboarana ny "badge"!

**Rabenaivo/aris rafaly**

Kitra - Federasiona

# Tsy maintsy hatolotry ny ligim-paritra 2 ny kandida ho filoha

Hotanterahina amin'ny asabotsy 14 oktobra 2023 ny fifidianana eo anivon'ny federasiona malagasin'ny taranja baolina kitra. Nambaran'ilay vaomiera manokana misahana ny fifidianana(CEN), omaly tetsy Isoraka, fa tsy maintsy hatolotry ny ligim-paritra roa izay kandida hirotsaka eo amin'ny toeran'ny filohan'ny federasiona. Ligim-paritra 3 kosa ny an'ireo hirotsaka ho komity mpanatanteraka (CE). Nohamafisin'ny CEN fa ny filohan'ny ligy irery ihany no afaka manao sonia izany fanohanana izany, ary voamarina eny anivon'ny kaominina ny sonia. Afaka mirotsaka avokoa izay mahafeno ny fepetra, ka raha tsy lany ho filoha na mpikambana anatin'ny FMF ireo filohan'ny seksiona sy ligy mirotsaka dia afaka miverina amin'ny toerany. Efa vita avokoa moa ny fifidianana teny anivon'ny seksiona sy ligy ka anjaran'ny federasiona ny manaraka. Mahakasika izay, nisokatra tamin'ny 28 aogositra teo ny fandraisana ny antontan-taratasy filatsahana hofidina ho an'ny komity mpanatanteraka ary hifarana amin'ny 6 septambra. Ho an'ny maniry hirotsaka ho filoha kosa dia nisokatra tamin'ny 28 aogositra ary hifarana amin'ny 14 septambra (6 ora hariva) ny fandraisana ny antontan-taratasy.

**Rabenaivo**

" Journée paralympique inclusive "

# Tonga tetsy Ampefiloha ireo nosy rahavavy

Tsy ampy ny fampahafantarana ny handisport eto Madagasikara. Io no nambaran'i Morel, filohan'ny Malagasy Paralympic Committe, nandritra ny hetsika «« Journée paralympique inclusive » natao tetsy amin'ny ANS Ampefiloha ny faran'ny herinandro teo. Ny ambasadin'i Frantsa eto Madagasikara sy ny « Federation Paralympique Malgache » no nikarakara iny hetsika fanentanana iny, teo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena. Tafiditra anatin'ny tetikasa « mba hitondra fampandrosoana eto Madagasikara ny fanaovan' ireo olona manana fasembanana spaoro tsy misy fanili-




**Tonga nanotrona ity hetsika ity ireo avy atsy amin'ny Nosy rahavavy.**

hana» izany, izay natomboka tamin'ny jona 2023. Tamin'ny alalan'ny fifanakalozana niarahana tamin'ireo mpitarika sy ny mpanatrika ny fotoana dia narahin'ny fampisehoana ara-panatanjahantena, toy ny baolina lavalava ambony seza, basket, ary tsipy kanetibe. « Efa ela no niketrehana ity hetsika ity, izay dingana hisokafana amin'ny fomba fijery vaovao », hoy Benoît Olivier, tomponandraikitra misahana ny spaoro eny anivon'ny ambasadin' i Frantsa. Nampivondrona indray ireo misehatra amin'ny tontolon'ny fikarakarana ireo manana fahasembanana rehetra, toy ireo federasionin' ny handisport avy any Maorisy, Kaomoro, La Réunion ary i Madagasikara. Nahafahana namoaka ireo tombanezaka maro hatao atsy ho atsy ity fihaonana ity, toy ny fanentanana eny anivon'ny sekoly. Eo koa ny fikasana hanamboatra ireny fitaovana ara-panatanjahantena. Afa-po tamin'izao fihaonana izao ny rehetra, izay miandry ny hiverenan'ny fiadiana ny amboara ho an'ny klioba tompondaka ho an'ny manana fasembanana atsy ho atsy.

**Rabenaivo**

Taekwondo - JIOI 2023

# Nahazo medaly volamena i Nicolas Ragonz




**Tsy nanaiky raha tsy norombahin'i Nicolas Ragonz ny medaly volamena tamin'ity.**

Hafaliana ny an'i Nicolas Randriamiandrisoa tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina, ny alatsinainy teo, taorian'ny nandrombahany ny medaly volamena, ho an'ny poomsae, taranja Taekwondo. Efa ela niandrasana azy ity ny tenako, hoy izy. Tsiahivina fa vao avy naratra ny lehilahy, saingy niezaka hatrany mba ho fiarovana ny voninahi-pirenena. Miampy hatrany ny anaram-boninahitra azon'ity Malagasy ity, izay tsy nitsahatra nandray anjara tamin'ireny fifaninanana iraisam-pirenena maro ireny. Efa faniriany rahateo izany handrombaka medaly volamena eto an-tanindrazana izany ka tanteraka izy izao. Nisaotra ireo rehetra nahatongavana tamin'izao koa ny tenany, satria dia fiarahamientana teo amin'ny ekipa rehetra izany. Mahakasika ity taranja ity hatrany, namiratra ary tena nandravarava ny ekipam-pirenena malagasy nandritra ity andiany faha-11 amin'ny Lalaon'ny Nosy ity. Medaly volamena 13 be iao no azon'ireo atletantsika, kanefa tsy tokony ho izay fotsiny, raha afaka nampiasa ireo fitaovana mialoha izy ireo, araka ny nambaran'ny tomponandraikitra teo anivon'ny federasiona. Na izany aza, betsaka no tsy nanampo ny fahaizamanaon'ny Malagasy ireo avy atsy amin'ny Nosy rahavavy, ary nikasa hibata ny medaly mora foana teto amintsika.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Nosy - Atletisma

# Nisantatra ny medaly volamena i Miarombola sy Cynthia

Teo amin'ny fifaninanana natokana ho an'ny atleta manana fahasembanana, dia nisantatra ny medaly volamena teo amin'ny vikindava ho an'ny vehivavy marenina i Miarombolatiana Njakatia, izay nahavita nitsambikina hatrany amin'ny 4,43 metatra teo anatrehan'ny Maorisianina sy Renionezy. Mbola teny amin'ny kianjan'Alarobia hatrany omaly maraina dia mbola nandrombaka medaly volamena, teo amin'ny 400 metatra misy fefy kosa i Cynthia Felicite Namahaka, ary misalotra ny medaly alimo i Haurelia Djedidia, avy eto Madagasikara hatrany. Teo amin'ny "100 m Sport adapte" dia medaly alimo no azon'i Hery Finoana Randrianandraina.

**aris rafaly**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* 032.55.802.52 / 033.40.011.06. Poketra, kilalao, kiraro, alu, machine, radio, debara, télé. (G-BA 629/10-5)

* 033.92.035.13 / 034.89.917.62. Lamba, kiraro, poketra, télé, machine, radio, kilalao, alu. (G-BA 630/10-5)

* Fanaka, lamba, kiraro, TV, frigo, machine, bisikileta, entana an-dakozia. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 632/10-4)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 631/10-5)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 633/6-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-18)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-12)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-11)

Andohanilakaka

# Mpanao "cash point" maty voatifitra teo akaikin' ny tranony

Enin-dahy no voalaza fa nanatanteraka ilay famonoana an-dRandrianandrasana Dieu Donné Tsilohay (28 taona) mpandraharaha mpanao « cash point » ao Tsaratanàna, kaominina Andohanilakaka, distrikan'Ihosy, afak'omaly tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany hariva. Maty tsy tra-drano io tsy manan-tsiny io rehefa notifirin'ireto tsy mataho-tody. Handeha hamonjy fodiana izy no niharan'izany asa ratsy izany. Izany hoe avy nirava niasa ho any an-tranony no nisy nisompatra. Efa lalana tokony ho 20 metatra tsy ahatongavany amin'ny vavahadin'ny tranony no nitifiran'ny olon-dratsy azy. Ankoatra ny aina nafoy dia lasa tamin'izany ny finday fampiasany sy ny kitapo fitondrany miasa.Taorian'ny tranga dia nidina ifotony avy hatrany ny kaomandin'ny tobim-paritra miaraka amin' ireo zandary sy ny mpitandro ny filaminana hafa nanatevina ny fanarahan-dia niaraka amin'ireo fokonolona.

**Manaitra ny fanjakana**

*"Tamin'ny fanarahan-dia natao no nahalalana fa 6 ireo olon-dratsy. Nianavaratra namonjy ny alan'Isalo ny diany fa ny sasany kosa dia niverina niditra ao an-tanànan'i Mangatoka Ambany ka tsy hita rehefa avy eo amin' ny lalam-pirenena fahafito (RN7). Hita teny an-dalana ihany koa ny finday fampiasan'io niharan-doza io, saingy efa nopotehin'ireo olon-dratsy",* hoy ny loharanom-baovao avy any an-toerana. Miroso ny fanarahandia sy ny fikarohana ireo nahavanon-doza ireo. Manaitra ny fanjakana sy ireo tomponandraikitry ny fandriam-pahalemana ao Ihorombe, distrikan' Ihosy, mba hjery akaiky izao tsy fandriam-pahalemana mahazo ny tanànan'Andohanilakaka izao, hoy ny antsoantson' ireo vahoaka any ifotony.

**Ariel D.**

UNESCO

# Hanampy an'i Madagasikara hanoratra ny harem-bakoka kolotoraly sy voajanahary misy eto

Ny harembakoka no loharanon'ny maha-izy azy sy ny firaisan-kinan'ny fiarahamonina iray. Faharoa, tokana aman-tany ny harembakoka ara-kolontsaina sy voajanahary afrikanina, satria ivon' ny maha olombelona. Manamarika ny asa nosahanin'ny olombelona sy ny riba niainany tamin'ny vanimpotoana teo aloha izany nefa mbola mitoetra mandraka ankehitriny. Ireo antony roa ireo no anisan'ny nahatonga ny Unesco hanamafy ny traikefan'ireo firenena aty Afrika atsinanana, ka anisan'izany i Madagasikara, mikasika ny fanoratana ireo harena ho anisan'ireo harem-bakoka iombonan'izao tontolo izao.

Mahatsapa ny Unesco fa amin'ireo harem-bakoka 96 voasoratra manerantany (53 kolontsaina, 38 voajanahary, 5 zava-naorina mifangaro), dia tsy misy afa-tsy ny 9% amin'ireo ihany no eto Afrika. Izany hoe 34 isa ny harena kolotoraly sy voajanahary ao anatin'ny lisitry ny harem-bakoka iraisam-pirenena aty Afrika, ka 3 ihany ny antsika eto Madagasikara.

Ny tetikasa fanoratana io dia iarahan'ny Unesco miasa amin'ny komitim-pirenena momba ny vakoka ( CNP) ary vatsian'ny «Sultanat d'Oman» amin'ny alalan'ny UNESCO. Marihina fa fampiharana ny fifanarahana mikasika ny fiarovana ny harem-bakoka ara-kolontsaina sy voajanahary tamin'ny 1972 ity tanterahin'ny Unesco eto amintsika ity.

**Fy**

Village Voara Andohatapenaka

# Hamarana ny hetsika ara-kolontsaina i Shyn sy Denise

Ny asabotsy izao no hikatona tanteraka ny lalaon'ny Nosy andiany faha-11. Ankoatra ny lalao ara-panatanjahantena maro isankarazany dia anisan'ny manamarika izany ihany koa ny fifanakalozana ara-kolontsaina. Etsy amin' ny Village Voara Andohatapenaka no hanatanterahana ny hetsika nanomboka ny 27 aogositra teo. Mpanakanto maro no efa nandalo tao fa amin'ny famaranana ny hetsika ara-kolontsaina kosa dia anisan'ny mpanakanto hanafana izany i Shyn sy Denise. Ny zoma i Shyne no hiaka-tsehatra ary ny asabotsy kosa i Denise, raha araka ny fandaharampotoana. Marihina fa tsy misy vidim-pidirana ny hetsika rehetra eny an-toerana izay manomboka amin'ny 10 ora maraina ka hatramin'ny 10 ora alina. Fa ankoatra izay dia hisy ihany koa ny filatroana, ny zoma hariva izao ao amin'ny Village Voara Andohatapenaka. Haneho ny sangan'asany sy ny famoronana farany navoakany ireo mpisehatra amin'ny zaitra sy ny tontolony. Anisan'ny handray anjara amin'izany ny Fosamanga Création.

**Tiaray R**

Hetsika momba ny dihy

# Hanomboka anio ny "temps fort danse"

Hanomboka anio ary haharitra telo herinandro be izao ny hetsika "temps fort danse". Hetsika momba ny dihy ranoiray izy io. Fikambanana mpandihy valo no handray anjara ao anatin'izany ary samy manana ny fahaizamanaony sy ny mampiavaka azy avy izy ireo. Misy ny efa manana traikefa amin'izany an-taonany maro mihitsy ary efa betsaka ny mpankafy ny zavatra ataony toa an-dry compagnie Lovatiana. Ao amin'ny IFM moa no hanaovana ny hetsika ary azo tsidihina ny pejy fesibokin'izy ireo ho an'ireo te hahalala bebe kokoa momba ny fandaharam-potoana rehetra. Misokatra ho an'ny rehetra rahateo izany, indrindra fa ho an'ny mankafy mandihy. Ankoatra ny seho mantsy dia misy koa ireo atrikasa kely sy fizarana traikefa ho an'izay hanatrika izany.

**Tanya.R**

Soavinandriana-Itasy

# Halatra taolam-paty : olona 13 voasambotra, basy iray tratra

Vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny miaramilan'ny DSS 12 Tamponala sy ny zandary dia fito lahy mpangalatra taolam-paty no voasambotra tao amin'ny fokontany Miaramasoandro, kaominina Tamponala, distrikan'i Soavinandriana-Itasy ny faran'ny herinandro teo. Olona dimy hafa mpiray tsikombakomba amin'izy ireo ihany koa no tratra ka tafakatra telo ambinifolo ireo voasambotra tamin'ity raharaha ity. Araka ny fanazavana azo dia nirongatra ny vaky fasana sy halatra taolam-paty tany antoerana ka nanao hetsika entina misambotra ireo olondratsy ny mpitandro filaminana. Angom-baovao sy fahaizamanao no nahazoana izao vokatra izao. Nandritra ny fisavana ny tranon'ireo mpangalatra taolam-paty ireto no nahitana taolam-paty milanja 20kilao sy basy vita gasy iray. Voalaza fa ireo fito lahy ireo no anisan'ny mandray anjara mivantana amin'ny famakiana fasana sy fangalarana taolam-paty. Rehefa nofotorana ireo dia nanondro ireo namany mpiray tsikombakomba aminy. Tsy mbola fantatra mazava kosa anefa hatreto hoe iza marina ny tena mpandray ireo taolam-paty avy angalarin'izy ireo. Mbola ao anatin'ny fanadihadiana tanteraka moa ny mpitandro filaminana amin'izao. Nahazo vahana mihitsy ity vaky fasana ity tato ho ato ary nanerana ny faritra maro.

**R.C**

## TATSY SY TAROA

***# Fiara tsy mataho-dalana iray no nopotehin'ny olona teny Anosizato, omaly maraina. Nanitsaka tongotr' olona ity fiara ity.*** Rehefa izany dia tsy nijanona izy ka nosakanan'ny mponina teny an-toerana. Vokatr'izany dia nosavoritahan'ny olona io fiara io. Noho izany dia notazomin'ny mpitandro filaminana ity fiara ity sy ny mpamily. Ilay voahitsaka kosa nentina any amin'ny hopitaly Hjra. Marihina fa somary tery ny lalana eny amin'iny Anosizato iny ka izany no nahatonga ilay loza.

Noheverina fa nitsoaka ilay mpamily ka nifanenjehan'ny olona. Tsy nisy fandorana fiara teny , hoy ny mpitandro ny filaminana.

***# Omby am-polony no lasan'ny dahalo ny alin'ny alatsinainy, tao Bezezika, distrikan'i Mahabo. Tsy fantatra isa ireo dahalo saingy nirongo basim-borona.*** Nanao ny fanarahan-dia mpitandro filaminana avy ao amin'ny «BOA » Ankilizato sady niambina tao Bezezika. Taorian'izay no raikitra ny fifandonana rehefa nifanehatra tamin'ireo dahalo ireo ny mpanara-dia ary efa nahitam-bokany. Nampandrenesina daholo ireo mpitandro filaminana sy kalony manodidina samy hiambina kizo.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 256 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

### Nahandro

**Mofo baguettes**

Zavatra ilaina: 500g lafarinina, 300g rano, sira 1cac, siramamy 1/2cac, levure boulangère 1cac.
Fikarakarana azy: Atambatra ny lafarinina sy levure, siramamy, rano dia saronana, avela hitombo 1 alina amin'ny hafanana antonony na apetraka ao anaty vata fampangatsiahana. Rehefa izay dia esorina ny gazy ary alefa ny sira. Apetraka ambony lasitra aty fafazana lafarinina kely indray ary avela hipetraka mba hitombo mndritra ny 30 minitra.Hafanaina ny laforo ary ametrahana vilany kely misy rano ao anatiny. Andrahoina 20 mn ny mofo amin'ny hafanana 180˚c.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Tsy sahy*




## Hatsikana an-tsary

*Miboridana*




## Masoandro miposaka

**Matio 9 : 20-21**

Ary, indro, nisy vehivavy anankiray, izay efa narary roa ambin'ny folo taona, nankeo ivohony ka nanendry ny somotraviavin-dambany. Fa hoy izy anakampony: Na dia ny lambany ihany aza no ho voatendriko, dia ho sitrana aho.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Harabina, tsy mahalala; tenenina, dia tezitra.**

On se moque de lui, il ne s'en aperçoit pas; on lui fait des observations, il se fâche.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3036**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 7 | 5 | | | 9 | | | |
| | | 2 | | | | 4 | 7 | |
| | | | | 8 | | | 3 | |
| | | | | | 7 | | | |
| 2 | | | 8 | 5 | | | | |
| | | 1 | | 3 | | | | 8 |
| | | 8 | 1 | 6 | 5 | | | 2 |
| | | | | | | | | 9 |
| | | | | 2 | 8 | | | |

Valin'ny laharana **30355**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 5 | 1 | 9 | 3 | 6 | 2 | 4 | 8 |
| 3 | 2 | 8 | 7 | 4 | 5 | 9 | 6 | 1 |
| 4 | 9 | 6 | 1 | 2 | 8 | 5 | 7 | 3 |
| 9 | 7 | 5 | 8 | 6 | 1 | 4 | 3 | 2 |
| 1 | 6 | 4 | 3 | 5 | 2 | 7 | 8 | 9 |
| 8 | 3 | 2 | 4 | 7 | 9 | 1 | 5 | 6 |
| 2 | 8 | 7 | 6 | 9 | 4 | 3 | 1 | 5 |
| 6 | 4 | 9 | 5 | 1 | 3 | 8 | 2 | 7 |
| 5 | 1 | 3 | 2 | 8 | 7 | 6 | 9 | 4 |

## Marina izany !

### Mbola lavitra ezaka !

**Andro no isaina dia hanomboka ny taom-pianarana 2023-2024. Raha mba nangatsiatsiaka tsy nieritreritrany fandaniana manodidina ny fitaovam-pianarana, ny saram-pianarana, ny saran-dalan'ny mpianatra ny ray aman-dreny tao anatin'ny roa volana mahery teo ho eo dia tsy vitsy amin'izy ireo no efa miferinaina, amin'izao ankatoky ny fidiran'ny mpianatra izao. Indrindra, fantatra fa maro amin'ny sekoly no nanondrotra ny saram-pisoratana anarana sy ny ekôlazy. Tsy latsa-danja noho izany ny vidin'ny kojakojam-pampianarana eny amin'ireny toeram-pivarotana samihafa ireny. Herinandro eo ho eo alohan'ny fidiran'ny mpianatra, tsy vitsy ny mpivarotra no mitaraina fa mboa mitsitaitaika ny ray aman-dreny mividy ireny fitaovam-pianarana ireny. Nisy, hoy izy ireo, no efa nanomboka nividy tsikelikely, nandritra ny fotoam-pialan-tsasatra. Ny ankamaroany kosa milaza ny mbola tsy ampy ny hoenti-manana. Antony mahatonga ny entana mitobaka fotsiny eny antsena, nefa vitsy ny manontany sy mividy. Miainga amin'ny zava-misy iainan'ny ankamaroan'ny tokantrano eto an-drenivohitra sy ny manodidina, hita eny amin'ny fiarahamonina eny dia vinavinaina hidina ny taha isanjaton'ny ankizy hiditra any an-dakilasy. Antony, maro ny ray aman-dreny mitaraina ho tsy manana ny hoentimanana, indrindra ireo maro anaka. Ankoatra izay, tsy mitsahatra ny mitombo ihany koa ny ankizy mirenireny eny amoron-dalana, noho ny fahasahiranan'ny ray aman-drenin'izy ireo. Ambonin'izany, fantatra fa maro amin'ny sekoly tsy miankina no tsy manaiky ny fangatahana ny mba handoavana tsikelikely ireo vola takina, alohan'ny fidirana. Ny dikany, mbola lavitra ezaka ny famahana ny olan'ny fanabeazana!**

Voahangy Rakotozafy

Filohan'ny HCC

## Nanome lesona ireo sampandraharaham-panjakana mandrirarira kandida

Niditra an-tsehatra nampitandrina ireo sampandraharaham-panjakana mandrirarira kandida amin'ny famenoany ny antontan-taratasy ilaina amin'ny filatsahan-kofidina ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety omaly. *"Handraisana fepetra izay sampan-draharaha voamarina fa ninia namezivezy ny kandida nefa tsy misy antony aradalàna"*, hoy Ing. Florent Rakotoarisoa tamin'izany. Araka ny fanamarihana nentin'ity filohan'Andrimpanjakana eny Ambohidahy ity dia anisan'ny nahazoan'ny HCC fitarainana ny fakana ny taratasy momba ny hetra, ny fanamarinamponenana ary ny "casier judiciaire". Nasiany fanamarihana manokana kosa ny fakana ny taratasy fanamarinana ny fizakana ny zom-pirenena malagasy. *"Anjaran'ny Fitsarana ny famoahana izany ary miankina amin'ny voalazan'ny andininy faha-87 sy 88 ary 89 amin'ny "Code de nationalité" no ahazoan'ny tsirairay izany. Raha tsy manome izany kosa ny Fitsarana dia ny minisitry ny Fitsarana no omen'ny lalàna alalana handray fanapahan-kevitra farany, araka ny andininy faha-89 amin'ny "code de natonalité"*, hoy hatrany Ing. Florent Rakotoarisoa tamin'izany.

### Propagandy

Ao anatin'izany rehetra izany, niantso ny sampandraharaham-panjakana voakasika mba hanamora ny fikarakarana ny antontan-taratasy ilain'ny kandida hirotsaka ho filoham-pirenena io filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana io. Natao izany antso izany, hoy izy, mba tsy hisian'ny fivezivezen'ny kandida sy mba hahatomombana ny firotsahana-kofidiny. Farany, nomarihan'Ing. Florent Rakotoarisoa fa izay kandida na solon-tena handrotsaka taratasy filatsahan-kofidina ihany no tokony ho eny amin'ny HCC fa tsy delegasiona hanao propagandy alohan'ny fotoana.

Mamy R.

**TANY AMIDY MORA**

Terrain de 48 a 50 ca (4.850 m²), bord de route, Alakamisy vers CUR Vontovorona, titré et borné. Prix : 55.000 Ar./m².

*Contact M. Rôd : 034 18 711 29 / 033 11 236 89*

(Misy hafa koa an !)

G-CL 598/3-2

Fihaonambe FFKM

# Naneho fahavononana hisoroka ny disadisampifidianana ny mpanao politika

Ambohipihaonan'ny mpanao politika sy ny firaisamonimpirenena ary mpitondra fivavahana eny Mandrimena Andoharanofotsy nanomboka omaly. Antony, tanterahina eny an-toerana ny fihaonambe nasionaly ho fiatrehana ny raharaham-pifidianana eto amintsika, izay karakarain'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara sy nanasany ny herivelona rehetra eto amin'ny firenena. Natomboka tamin'ny fotoam-pivavahana iraisam-pinoana izany hetsika goavana izany ka nisongadina tamin'ny toriteny ny hoe: voalohany, ny firenena vanona dia miaina ao amin'ny fahamarinana. Faharoa, fahefana hanapotika sy handrava ary hanangana ny fahefan'Andriamanitra ary miantefa amin'ireo firenena sy ny Fanjakana izany. Etsy andanin'izany, tsikaritra nandritra io fotoam-panokafana io fa maro ireo mpanao politika naneho ny fahavononany hifampidinika sy hifampiresaka ho fikatsahana ny vahaolana ho an'ny firenena, indrindra ho amin'ny fampihavanam-pirenena sy ho fisorohana ny krizy izay mety hateraky ny tsy fahatombanan'ny fifidianana.

### Bangabanga

Isan'ny nahatonga solontena betsaka teny an-toerana ny avy amin'ny fianakaviamben'ny mpanohitra, izay nahitana ireo filoham-pirenena teo aloha, dia Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina. Ny filohan'ny antoko MMM Hajo Andrianainarivelo, ry Pasteur Mailhol ary ireo mpanao politika maromaro efa nitonona ho kandida . Bangabanga kosa ny toeran' ny avy amin'ny fitondrampanjakana tao anatin'izany, satria dia ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Herimanana Razafimahefa, irery ihany no tazana nanatrika izany fotoam-panokafana izany. Araka ny fandaharam-potoana voafaritra mialoha dia anio amin'ny 02 ora tolakandro no hotanterahina ny fihaonana eo amin'ny mpanao politika sy ny fikambanana ao anatin'ilay sehatra ifampihainoana.

Mamy R.

Vondrona politika G5

# "Manjavozavo ny mikasika ny lisi-pifidianana sy ny asan'ny CENI"

Nandritra ny fanambarana nataon'ny vondrona politika G5 nyalatsinainy teo no nilazan' izy ireo fa manjavozavo hatreto ny mikasika ny lisi-pifidianana sy ny asan'ny CENI. Tsy nihambahamba ireto farany nanambara fa « *Mahatratra 4 tapitrisa eo ny isan'ny tanora tsy ampy taona tsy tafiditra ao anaty lisi-pifidianana* ».Takian'izy ireo araka izany ny hamoahan'ny CENI ny lisitry ny fokontany nanaovana ny fanisana « recensement » isaky ny kaominina sy ny anaran'ny olona voasoratra anarana. Misintona ny feon'ny fieritreretan'ireo kandidà milaza hirotsaka ihany koa ireto vondrona politika ireto raha nilaza fa « *Loza ho an'ny tanindrazana ny firosoana amin'ny fifidianana amin'izao endriny izao* ». Mbola nanamafy ny antso amin'ireo herivelona rehetra, mba ho tonga handray anjara amin'ny fikaonandoham-pirenena hiarahamitady vahaolana sy ny fandaminana ny fiainam-pirenena mba hisorohana ny korontana ihany koa izy ireo.

Nangonin'i Niry R.

Fiaraha-miasa Madagasikara -Japon

# Notokanana ny orinasa mpanao Biogaz ao Antsirabe II

Hery lehibe ho an'ny fampandrosoana eny ambanivohitra ny fisiana angovo ho entina mampivotra ny asa famokarana. Izay no antony nahatonga ny ONG Madagasikara Mirai nanangana ny orinasa Biogaz ao Antsirabe II faritra Vakinankaratra. Notokanana ny herinandro lasa teo ity orinasa ahazoana angovo azo havaozina ity, ka toby (digesteur) miisa telo no efa tafapetraka any antoerana. Ny roa voalohany napetraka amin'ny tranon'ny olo-tsotra ao Andranomanelatra nanomboka ny taona 2022 izay misy 6m3 avy, ary ny iray fahatelo napetraka amin'ilay toerana nanaovana ilay tetikasan'ny Filoham-pirenena momba ny « Titre vert » ao Ambatorahinirina izay misy 6m3 ihany koa. Tontosa ny fametrahana izao fotodrafitrasa izao vokatry ny fiarahamiasa teo amin'ny Ong Japoney Ecology Online. Teo ihany koa ny tantsoroka nentin'ny minisiteran'ny Fambolena sy Fiompina tamin' ny alalan'ny Fitaleavamparitra DRAE ary ny JICA.



**Ireo niara-niasa tamin'ny fametrahana ny toby Biogaz tao Antsirabe II.**

Tao anatin'ny taona vitsivitsy dia mahatratra fito ireo toby famokarana Biogaz efa mitsangana amin'ireo fartra telo izay niarahana niasa tamin' ny Japoney.

JUDD

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Telma

SPONSOR
OFFICIEL

11E
JIOI

JEUX DES ÎLES
DE L'OCÉAN INDIEN

MADAGASCAR 2023

#IsikaIray

GCL 591/4-4